# Antsipirian'ny Lioka 17 sy fakana sary an-tsaina ny zavatra vakina

TESTAMENTA VAOVAO: BOKY TOROLALANA HO AN'NY SEMINERA

**Vakio tsara ny Lioka 17:11–14, ary diniho tsara ireo antsipiriany.**

Rehefa avy mamaky, dia ezaho valina araka izay azonao atao ireto fanontaniana dimy manaraka ireto nefa tsy mampiasa ny soratra masina.

1. Taiza ho aiza no nisy an'ireo boka raha avy eo amin'ny nisy ny Mpamonjy ?
2. Inona no zavatra nangatahan'ireo boka tamin'ny Mpamonjy?
3. Inona no zavatra nolazain'ny Mpamonjy tamin'izy ireo?
4. Firy tamin'ireo boka no nanam-pinoana hanao izay zavatra nangatahan'ny Mpamonjy?
5. Inona no nataon'ireo boka rehefa sitrana izy ireo?

**Alaivo sary an-tsaina ny zavatra vakinao.**

Alaivo sary an-tsaina hoe iray tamin'ireo olona boka voadio ianao.

- Mety ho nanao ahoana izany hoe sitrana tamin'ny habokana izany? Inona ny zavatra mety ho tsapanao?
- Nahoana araka ny eritreritrao no nitranga ny fanasitranana tamin'ity tantara ity "rehefa nandeha izy ireo"? (andininy faha-14).
- Inona araka ny eritreritrao ny zavatra mety ho nataonao raha vao nahatsikaritra fa nositranin'ny Mpamonjy ianao?

NY FIANGONAN' I
JESOA KRISTY
HO AN' NY OLOMASIN' NY
ANDRO FARANY

© 2023 an'ny Intellectual Reserve, Inc. All rights reserved. Dikanteny: 2/21. Fandikana ny *Luke 17 Details and Visualizing Activity.* Malagasy. PD60012661 654. Natonta tany Etazonia Amerika.